


**FAMPITAM-BAOVAO**

Ho fanamarihana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy dia nikarakara laha-dinika arahina ady hevitra ny Mpanazava eto Madagasikara. Tao amin'ny Akany FJKM Analamahitsy no nanatanterahana izany tamin'ny sabotsy 24 martsa 2012.

Ny loha-hevitra nodinihana tamin'izany dia ny hoe: ***"Ny fizakan-tenan'ny vehivavy dia mandray anjara amin'ny fampihenana ny herisetra mianjady amin'ny ankizy vavy sy ny zatovo vavy ary ny vehivavy"***

Olona teo amin'ny zato teo ho eo no nanatrika io fotoana io ka nahitana ireo mpanabe sy mpitantana, sakaiza sy tranainy ary ray aman-dreny eo anivon'ny fikambanana Mpanazava sy Tily eto Madagasikara, teo ihany koa ireo namana ao amin'ny skoto zazavavy eto Madadasikara, nahitana solo-tena avy amin'ny AKAMA , avy amin'ny *"réseau des femmes handicapées",* avy ao amin'ny CPO ary mpanabe sy mampianatra maro.


MADAGATE